# MONOGRAPHIE

MERIMANDROSO

2- Monographie de la commune

A- **Saritany Mamaritra ny Kaominina Ambanivohitra MERIMANDROSO (Limitrophes)**




Fokontany 20 isa

Isan'ny mponina : 18 825

Sary 1

## B- TANTARAN'NY KAOMINIANA (Historique)

Raha ny tanana Merimandroso no resahina dia efa tamin'ny fahagola no nisy izany. Ankehitriny voarafitry ho fokontany 20 io vondrom-bahoakam-paritra itsinjarampahefana io. Ireo Fokontany ireo dia manana ny tantarany avokoa. Misy ihany anefa ireo tantara tsara asongadina etona toy ireo tamin'ny vanim-potoana faha-panjaka.

Manana ny toerany tokoa raha i Merimandroso teo amin'ny tantaran'i Madagasikara indrindra fa amin'ny faritr'Ambohimanga satria tanana tena fivezivezen'ny Mpanjaka izy.

Ny niandoan'ny tantara araka ny lovan-tsofina dia tamin'ny andròn'ny Mpanjaka Imbosalama nantsoina hoe Andrianampoinimerima nanjaka teto Imerina tamin'ny 1787 ka hatamin'ny1810. Io mpanjaka io mantsy no nametraka ny ankapobeny anaran-tany teto Merimandroso.

Raha tonga teo Ambohipoloalina , vohitr'andriana iray amin'ny roa ambin'ny folo, ity mpanjaka ity, izay vohitra nalaza ho nisy ireo lehilehy tena nahery fo tokoa ka tsy nety nandray ireo baiko avy tamin'ny mpanjaka izay nifandimby. Raha nahare ny laza sy nahita io mpanjaka io ireto farahy, mpanjaka tia fiavanana sy manana zotom-po tokoa mantsy I Bosalambo, dia nilefitra sy nangataka ny hiara-hiasa tamin'Andrianampohinimerima izy. Dia nivezivezy natetika teo ity farany. Taty anatin'izany fiarahana izany moa dia naka vady iray teo antoearna ity mpanjaka ity ka I Ramiangaly no anarany. Tamin'izany no nivoahan'ilay teny ho "Manina I Ramiangaly" Rehefa malahelo ka te ahita ity farany ny Mpanjaka, ka dia nivezivezy teo ity mpanjaka. Tamin'izany dia Ambohipoloalina no faritra tena nalaza, eny mbola misy Rova fahagola tokoa eny antoerana ankehitriny.

Raha nadalo teto amin'ny renivohitra Merimandroso i Andrianampoinimerina, ary nahita ny toetran'ny olona :maro nefa tsy miasa, mitomoetomoe-poana : "maraindraina antsinana-trano harivariva eo andrefa-trano mitanin'andro" ka nahatonga azy niteny hoe "Benahoana ireto olona ireto".

Dia nanapa-kevitra izy ny hametraka Tompomenakely hiadidy sy hitarika an'ireo Benahoana ireo hamokatra izy.

Ary nony nandalo izy taty aoriana raha 'ndeha hitsidika an'i Ramiangaly Vadiny eny Ambohipoloalina dia nahita fa nadroso be ilay tananan'ny dia vaky vava izy nanao hoe : « Mahery mandroso » ity tanana ity izany.

Dia izay no nahatonga ny anaran-tany "Benahoana" ho lasa "Merimandroso".

Nisy ihany anefa ny disadisa teo amin'ireo samy mponina teo an-toerana tamin'izany. Raha tsikaritry ny mpanjaka izany dia nametraka tsangambato ho mariky ny fiavanana teto Merimandroso izy ary nanaovany Sorona ondry io vato io, ary notsofiny rano ireo vato ireo mba hanan-kasina ka hoy izy: " izay miady maraina, ho tsara hariva". Mbola hita ao io vato io ankehitriky.

Amin'ny lalana Ambohimanga Rova -Ambohipoloalina koa dia nisy toerana nalalaka sy somary anivon'ny faritra manodidina ka nanaovan fifanakalozana votatra. Mbola io mpanjaka io ihany hoa no namorona ny anaran'ity farany ho "Tsena Alatsinainy Ambohipoloalina".



REGION ANALAMANGA DISTRICT AMBOHIDRATRIMO COMMUNE RURALE MERIMANDROSO

tamin'izany izay "Alatsinain'i Merimandroso" izy ankehitrina ary mbola tsena ihany izy mandrak'ankehitriny ka isaky ny Alatsinainy. Mbola hita ao hatramin'izao ny trano fakan'ainan'ny mpanjaka.

Mbola maro ireo tantara tsy ho voatantara eto fa andeha ho tanisaina ireo toerana manantatara eto amin'ny kaominina Merimandroso ankoatr'ireo voalaza etsy ambony:

- ao amin'ny fokontany Merimandroso mbola misy ihany koa ilay hazo masina izay voalaza fa tehan'Andrianampohinimerina.
- ao amin'ny fokontany Ankazomasina misy "Doany" izay mbola misy mangatam-pitahiana.
- ao amin'ny fotontany Amboatany misy "Doany"
- ao amin'ny fokontany Ambatonaorina ny Fiangonana Anglikanina Santa Paoly isan'ny voalohany teto Madagasikara
-ireo avoana rehetra eto amin'ny kaominina dia samy misy hadivory avokoa ho fiarovana ny tanana amin'ny fahavalo tamin'ny andron'ny fanjanahan-tany.


Tamin'ny 1901, dia lasa ho fivondronam-pokontany I Merimandroso izay nivelatra tao anatin'ny velaran-tany 80km2. Nivaky ho lasa kaominina rao moa izay tamin'ny 1996 mba ho fanaankaikaizana kokoa ny vahoaka ka ny 24km2 dia niala ho any amin'ny kaominina ambanivohitra Ambatolampy Tsimahafotsy ary ny 56 km2 no mivondrona ho kaominina ambanivohitra Merimandroso.

Ankehitriny niamaro ny olona ary nofaritan'ny lalàna velona eto Madagasikara ho vondrombahoakam-paritra hitsinjaram-pahefana I Merimandroso ary manana fokontany 20 izy dia ireto avy: **Merimandroso**, Alatsinainy, Ambohipoloalina, Amboatany, Ambohidrakitra, Ambatonahorina, Ambohitsoa, Anovorano, Ankosy, Tsarasaotra, Belanitra, Mangarano, Ambodivona, Mananjara, Ankazomasina, Ampamaho,Manantsoa, Amboniloha, Manankasina ary Ambohiborosy.



REGION ANALAMANGA DISTRICT AMBOHIDRATRIMO COMMUNE RURALE MERIMANDROSO

## C- NY ARA-JEOGRAFIA( Geographie)



Ity fafana ity dia mampiseho ny toerana misy ny kaominina Merimandroso eto amin'ny faritany Antananarivo.

| Karazana(Genre) | Anarana(Nom) | Kaody(Code) | Velarana (Superficie Km2) |
|---|---|---|---|
| **Faritra(Région)** | **ANALAMANGA** | **11** | **25 647** |
| **Distrika(District)** | **AMBOHIDRATRIMO** | **103** | **1 418** |
| **Kaominina(Commune)** | **MERIMANDROSO** | **103171** | **56** |

Tableau 1

a) **Mamaritra Ny Kaominina(Delimitation la commune)**

Merimandroso dia Kaominina iray (1) amin'ny ireo fito amby roapolo (27) Kaominin'ny Distrikan' Ambohidratrimo eo Ivato Aeroport no mianavaratra mahazo ny lalana CROC FARM, Anjomahakely, dia mbola mianavaratra dia tonga eto Merimandroso. Lala-tany iraika ambin'ny folo kilometatra(11Km) ny lalana miazo mankany. Izay marihina fa misy ampahan-dalana sarotra aleha rahefa amin'ny andro avy orana.

I Merimandroso dia voafaritr'ireto kaominina manaraka ireto:

-Avaratra: Kaominina ambanivohitra Manjakavaradrano sy Ambohipiaonana
-Atsinanana: Kaominina ambanivohitra Ambohimanga
-Atsimo: Kaominina ambanivohitra Ambatolampy Tsimahafotsy
-Atsinanana: Kaominina ambanivohitra Ambohimanjaka sy Anosiala
Jereo :sary 1

| Question | Code | Réponse |
|---|---|---|
| Catégorie de la commune | | 2 |
| Coordinnées Géographique du bureau de la mairie | Longitude | 47°30'33.55 E |
| | Latitude | 18°45'04.70 S |
| | Altitude | 1220 m |
| Nombres de conseillers communaux | Homme | 7 |
| | Femme | 0 |
| Année d'élaboration du PCD | | 2018 |
| Année de mise à jour du PCD | | 2019 |



REGION ANALAMANGA DISTRICT AMBOHIDRATRIMO COMMUNE RURALE MERIMANDROSO

Tableau 2

b) **Vohon-tany (Relief)**

Merimandroso dia toerana eto ampovoantany manana ahavo(Altitude): 1220 km

- Avaratra (Nord): FKT: Manankasina,Manantsoa, Amboniloha, Ampamaho : Tendrombohitra sy lohasaha misy Renirano
- Atsinanana (Est): FKT: Ambohidrakitra, Amboatany, Anovorano, Ambatonaorina, Ambohitsoa: Lemaka sy Tendrombonitra misy Renirano.
- Afovoany (Centre) : FKT:Merimandroso, Alatsinainy : Vohitra sy Lemaka.
- Atsimo (Sud) : FKT:Ankosy, Ankazomasima:Lemaka sy Vohitra
- Andrefana (Ouest): FKT :Tsarasaotra, Belanitra, Ambodivona, Mananjara, Mangarano, Ambohipoloalina :Lemaka sy Vohitra

c) **Toe-tany(Geologie)**

Amin'ny ankapobeny ny singa mameno ny haty tany eto Merimandroso dia ireo manaraka ireto:

- Granites
- Argile
- Sable

d) **Toetr'andro(Climat)**

Noho iza eto amin'ny faritanin' Antananarivo dia manana toe-trandro Tropikalin'ny toerana avo (tropical d'altitude), ambonin'ny 900metatra. Amin'ny ankapobeny ny mari-pana eto amin'ny kaominina dia eo amin'ny 14.6°C ny ambany ary 24°.6C ny ambony. Amin'ny ankapobeny Mizara roa mazava tsara ny vanim-potoana eto Merimandroso: Vanim-potoana avy orana sy Mafana ny volana Oktobra hatramin'ny Marsa ary mangatsiatsika sy mangatsika ny volana May hatramin'ny Septambra.

Marihina fa na tsara ho an'ny fambolena aza ny toetr'andro eto Merimandroso dia misy ihany ny fahasimbana ateraky ny havandra (grèle) isan-taona .

Ny refin'ny rotsak'orana amin'ny ankapobeny dia eo amin'ny 1 364 mm amin'ny 118 andro .

Misy isan-taona ihany ny doro tanety na dia vitsy amin'ny ankapobeny.

Noho ny rotsak'orana be loatra tamin'ny 2017 sy ny fahateren'ny renirano dia be ny renirano simba. Tena mila fitantanana ny rano eto aminj'ny kaominina satria efa ela no tsy nisy fikarakarana ny fotodrafitr'asa mahakasika ny rano.

Rivo-doza(Cyclones)

Ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana Merimandroso dia anisan'ny faritra tsy dia tandodomin-doza loatra. Vitsy tamin'ireo rivo-doza nandalo no nitondra takaitra tamin'ny tontolo iainana sy ny fambolena.



REGION ANALAMANGA DISTRICT AMBOHIDRATRIMO COMMUNE RURALE MERIMANDROSO

e) **Rano (hydrolique)**

Misy renirano telo eto amin'ny kaominina Merimandroso :

- Renirano Amboron-jaza : 5 km , Tetezana Beton Roa sy Tohodrano vita tany Fito (3) , tetezana hazo Be roa milahatra 4 mivarina any Betsimitatatra
- Renirano Mambakely : 5 km misy tohadrano vita Beton Roa (2) , Tetezana Beton Roa sy Tohodrano vita tany Fito (7) , tetezana hazo Be roa milahatra 4 mivarina Betsimitatatra
- Renirano Ampamaho: 5 km misy toha-drano tany sy fako telo mivarina any Betsiboka

Ireo renirano ireo dia manondraka velatan-tany 40km2 ary mamelona ny ¾ ny mponina.

f) **Ny aty Ala (vegetation)**

Amin'ny ankapobeny, dia vitsy ny tany rakotr'ala eto amin'ny kaominina izay mitentina ho 1275ha. Ny 90% ny voly mandrakotra ireo toerana ireo dia Kininina ary Sapin. Raha ny tranga misy no asiana fandinihina dia efa tena mila fambolena-kazo tokoa ny kaominina. Satria na ny arina fandrehitra ary efa tena tsy mahasanina ny faritra ankory, ka ireo kaominina rahavavy indray no mamatsy ny kaominina.

Ilaina noho izany tena ilaina tokoa ny fanentanana ny mponina ny amboly hazo ary andrandraina ny fanjakana foibe na ireo fikambanana tsy miankina ny mba hiara-ikaro-kevitra amin'ny kaominina mba hamatsiana zanakazo ireo tantsaha, satria sakana iray ihany koa ny fahampian'ny fahefa-mividy izany.

Tato anatin'ny 2 taona dia tsapa fa somary nihena ny doro-tanety vokatry fiovahovan'ny teotr'andro (tsy firotsahan'ny orana ara-potoana).
sy ireo fahasimban'ny nofo-tany.

D- **FITANTANANA ( Administration)**

Ny fivondronam-pokontany Merimandroso dia nosokafana tamin'ny 1901, nozaraina ho Roa izy tamin'ny 1996 ka ny ampahany dia lasa fivondronam-pokontany Ambatolampy Tsimahafotsy ary lasa ho Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana (VPIP) no iantsoana azy nanomboka ny taona 2014. Eto amin'ny faritany Antananarivo , faritra Analamanga, Distrikan'Ambohidratrimo 105 no misy ny Kaominina Ambanivohitra Merimandroso. Izy dia tantanan'ny olom-boafidy antsoina hoe : Ben'ny Tanana izay filohan'ny mpanatanterana ;ity farany dia miasa mandritra ny Efatra taona ary manatanteraka ireo asa noankatoavin'ireo mpanolon-tsaina.

g) **Ireo lalàna mamaritra ny asa ao amin'ny VPIP (fonctionalité de CTD) :**

- Ny asa ao amin'io VPIP io dia tsy maintsy voafaritry ny lalàna avokoa :

- Ny lalam-panorenana (la constutution),
- Ny lalàna fehizoro (loi organique) ohatra :
- Ny lalàna fehizoro laharana 2014 – 018 tamin'ny 12 septambra 2014 mifehy ny tandrifim- pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny
  vondrombahoakam-paritra itsinjaram- pahefana, ary koa ny fitantanana ny raharahany manokana,
- Ny lalàna laharana faha 2014 – 020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika nyloharanom- bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny anjaraandraikitrin'ny ratsa-mangaika ao aminy, ary
- Ny lalàna laharana faha 2014 – 021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana.
- lalana laharana faha-2005-019 tamin'ny 17 oktobra 2005 anaovana ny feni-kevitra ankapobe mifehy ny satan'ny tany

- Tsy maintsy tapahan'ny Mpanolon-tsaina.(deliberation)
- Amarinina eny amin'ny District soa misy mifanihitra amin'ny lalàna velona (controle de légalité).
- Ampafan-tarina izay voakasika (aely na atao peta-drindrina).
- Rehefa izany vao tanterahan'ny vondrona mpanatanterana (Décision)

-

Marihina anefa fa araka ny lalàna dia mahaleo tena ara-pitantanana sy ara-bola ny VPIP.

h) **Tanjon'ny VPIP Merimandroso:**

Manana tanjona roa lehibe raha ny Kaominiana Ambanivohitra Merimandroso :


Tanjona 1: Ny fanatsarana ny fitantanana Ifotony izany hoe mihezaka ny manatsara ny kalitaon'ny tolotra omena:

REGION ANALAMANGA DISTRICT AMBOHIDRATRIMO COMMUNE RURALE MERIMANDROSO

- Ady amin'ny Kolikoly: nanomboka ny taona 2017 dia nanapakevitra ny kaominina ny hamongotra 100% ny endrika kolikoly fahita matetika eny amin'ny biraom-panjakana, ka nametra ireo paikady rehetra mifanaraka amin'izany toy ny Fiofanana ho an'ny mpiasa rehetra, fametrahana ireo "Standard de Service" . Kaominina lavitry ny kolikoly antoky ny fampandrosoana.
- Fanatsarana ny naotin'ny Fanjakana tsara tantana " Indice de Gouvernance Local" : fampanarahan-dalàna ny asa, fanafainganan'ny tolotra, fampahafantarana ireo tolotra ho an'ny vahoaka, fiaraha-miasa amin'ireo Fiarahamonim-pirenena ( ONG, Fikambanana, sehatra tsy miankina), fanatsarana ny fampidiram-bola ifotony.

Tanjona 2: Ny fanaovana tramberin'andraikitra ho an'ny Vahoaka ho fampandrosoana mivantana na tsia.
Ny tarigetra dia ny mba ho kaominina modely amin'ny kaominina ambanivohitra manerana an'ny Madagasikara I Merimandroso.

i) **Fomba fiasa eto amin'ny VPIP Merimandroso**




- Ny Ben'ny no filohan'ny mpanatanterana mibaiko ireo sampan-draharaha rehetra sy mandray ny asa vita.
- Ny Mpanolontsaina no mandany na tsia ireo hevitra fampandrosoana ny Kaominina, ary amin'ny alalan'ny tsanga-tanana izany
- Ny "Structure Local de Concertation" na "SLC" no fankana hevitra ho entina mampandroso ny kaominina, manaparitaka ny vaovao ihany koa izy ary manara-maso ny fanatanterahana izany.
- Ny Distrika manamarina raha manara-dalàna na tsia ireo hevitra tapaka.

## Fafana maneo ny mombamomba ny Kaominina amin'ny ankapobeny fintina( tableau recapitulative de la commune)

<table>
<tr><td colspan="3">Isan'ny mponina (nbr population):……………………………. 19 745</td><td rowspan="2">Sekoly Fanabeazana Fototra (EPP) :…………………………………………15<br>Sekoly Ambaratonga Faharoa (CEG):……………………………......................01<br>Sekoly tsy miankina (Enseignement Privée):…………………………………………………………………..09</td></tr>
<tr><td colspan="3">Isan'ny fokontany (nbr Fkt):………………………………………….20</td></tr>
<tr><td colspan="3">Velarana (Superficie):………………………………………….56 Km</td><td>Isan'ny lalan-tany ao anatiny kaominina (chemin chantier):…………......100%<br>Halavan'ny lalan-tany ao anaty kaominina(route km) :………………..110 km<br>Fotoana hahafahana mivezivezy mankany amin'ny renivohitry ny kaominina anatin'ny taona (accecibilité):……………………………Janvier- Décembre</td></tr>
<tr><td>Fahalavirana(Distance) :</td><td>Renivohitra Faritra(Région)<br>Goudron :20 km<br>Piste :11 km</td><td>Renivohitra Distrika(District)<br>Goudron: 5 km<br>Piste :11Km</td><td>Sokajy amin'ny fandriampahalemana (Securité): ………………..Poste avancé</td></tr>
</table>

Tableau 6

AVY AMIN'NY SEHATRA TEKNIKA (Service Technique deconcentré) :

| | | | |
|---|---|---|---|
| **Fanabeazana (Education)** | **EPP**<br>Isany (nombre):……………………………………………15<br>Isan'ny mpianatra(nbr élèves) :……………………1 629<br>Isan'ny ankizy tokony hianatra(5à24 ans) :……10 366<br>Tahan'ny mpianatra /5à24 ans(taux/5à24ans) :.15,71%<br>**CEG** :<br>Isany(nombre): ………………………………………01<br>Isan'ny mpianatra (nbr d'élèves):………………….365<br>Tahan'ny :………………………………………..3,56%<br>**PRIVEE :**<br>Isan'ny Sekoly(nombre) :……………………………09<br>Ambaratonga fanomanana(Préscolaire) :…………..06<br>Ambaratonga 01(Niveau 1):………………………...10<br>Ambaratonga 02(Niveau 2) :……………………….07<br>Ambaratonga 03(Niveau 3) :……………………….05 | **Fandriampahalema na(Sécurité)** | Tobin'ny Zandary(Poste avancé) :…………………………..01<br>Isan'ny zandary (Nbr des agents):…………………………..09<br>Taha mponina/mpitandro filaminana(taux/nbr pop):…. 7000/1 |
| **Fahasalaman a(Santé)** | **CSB**<br>Isan'ny mpitsabo (Médécin) :……………………….01<br>Isan'ny mpitsabo mpanampy(infirmier) :………..02<br>(Sage femme) :………..01<br>Taha mponina/mpitsabo (Taux pop/Méd):… 10000/1<br>Taha mponina/mpitsabo mpanampy (Taux pop/para-méd) :…………………………………………… 5000/1<br>Farmasia tsy miankina(Pharmacie) :………………01<br>Isan'ny fivarotam-panafody dépôt de medicament : 2 | **Fananantany (Foncier)** | **Année 2018**<br>Taha-ketra tany(IFT)……………………………………....56%<br>Taha-ketra trano (IFPB)…………………………………...56% |
| **Rano fisotro madio(Eau)** | **FATSAKANA**<br>Isan'ny fatsakana (Puits):…………………………62<br>Tahan'ny fahazaoana rano :……………………100% | **Angovo (Energie)** | JIRAMA………………………………………………30,83% |
| **Fambolena (culture)** | Fambolana ho enty mivelona (culture vivrière) : | Harena an-kibon'ny tany | BCMM<br>Autorisation Exclusive de Réserve Périmètre (AERP) :<br>Dika mitovy Fahazon-dalana hitrandraka : |

| | | | |
|---|---|---|---|
| | Loharam-bola : Fambolena | | |
| | Renirano:3 | | |

Tableau 7

E- **FITSINJARANA NY ISAN'NY MPONINA ARA-TAONA SY ARA-TSOKAJY(Nombre de la population selon les classes d'age/genre)**

Araka ny atotan-kevitra mipetra eny anivon'ny Fokontany dia toy izao manaraka izao ny isan'ny mponina isaky ny sokajin-taona. Marihina fa ny tanora latsaky ny 24 Taona no maro anisa amin'ny taha 64,95% n'ny mponina.

| Sokajy | -5taona | 5-14taona | 15-24taona | 25-34taona | 35-59taona | +60taona | Totaly |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Lahy(M) | 981 | 1596 | 3455 | 1177 | 1089 | 269 | 8 567 |
| Vavy(F) | 880 | 2295 | 3020 | 2710 | 1078 | 275 | 10 258 |
| Totaly | 1861 | 3891 | 6475 | 3887 | 2167 | 544 | 18 825 |

Tableau 8

1. **Fitsinjarana Ny Mponina Ara-Piaviana(Origine éthnique)**

Raha ny ara-pirazanana no asiana resaka dia ny foko Merina no nameno amin'ny ankapobehiny ny Kaominina hatramin'ny vanim-potoana faha-mpanjaka mandrak'ankehitriny. Na dia eo aza anefa izany dia eo ihany ireo foko hafa toy ireo Betsileo, Vakin'ankaratra, eny tsy atao ambanin-javatra ihany koa ireo taranaka navelan'ireo Sénégaly tamin'ny vanimpotoana fanjanahantany.

| Foko fiaviana | Faritra niaviany | Taha |
|---|---|---|
| **Merina** | **Analanga** | **80%** |
| **Hafa** | **Isan-karazany** | **20%** |

Tableau 9

2. **Fitsinjarana Ny Mponina Araka Ny Fari-Pahaizana, Ny Taona, Ary Sokajy (Nombre de la population selon le niveau d'étude/Age/genre)**

| Fari-pahaizana | -5taona | | | 5-14taona | | | 15-24taona | | | 25-34taona | | | 35-44taona | | | 45-59taona | | | 60 | | | Totally | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | M | F | T | M | F | T | M | F | T | M | F | T | M | F | T | M | F | T | M | F | T | M | F | T |
| Tsy mahay mamaky teny sy manoratra | 1627 | 1311 | 2938 | 87 | 65 | 152 | 110 | 90 | 200 | 14 | 19 | 33 | 11 | 15 | 26 | 13 | 17 | 30 | 60 | 50 | 143 | 1922 | 1567 | 3489 |
| ABD | 0 | 0 | 0 | 498 | 995 | 1493 | 1637 | 1600 | 3237 | 201 | 220 | 421 | 150 | 151 | 301 | 66 | 90 | 156 | 43 | 60 | 103 | 2595 | 3116 | 5711 |
| Ambaratonga fototra | 0 | 0 | 0 | 801 | 780 | 1586 | 878 | 625 | 1503 | 1064 | 1236 | 2300 | 335 | 320 | 655 | 205 | 60 | 321 | 60 | 40 | 120 | 3343 | 3061 | 6404 |
| Ambaratonga faharoa fototra | 0 | 0 | 0 | 210 | 450 | 660 | 301 | 382 | 683 | 321 | 391 | 712 | 93 | 109 | 202 | 50 | 70 | 120 | 50 | 40 | 128 | 1025 | 1442 | 2467 |
| Lycée | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 511 | 301 | 812 | 185 | 125 | 310 | 74 | 58 | 132 | 15 | 25 | 40 | 20 | 30 | 50 | 805 | 539 | 1344 |
| Ambaratonga ambony | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 18 | 22 | 40 | 67 | 44 | 111 | 28 | 36 | 64 | 50 | 65 | 120 | 0 | 0 | 0 | 163 | 167 | 330 |
| Totaly | 1627 | 1311 | 2938 | 1596 | 2290 | 3891 | 3455 | 3020 | 6475 | 1852 | 2035 | 3887 | 691 | 689 | 1380 | 399 | 327 | 787 | 269 | 275 | 544 | 9889 | 9947 | 19745 |

Tableau 10

**Araka ny fafana dia hita ny fihezahan'ny mponina hiala amin'ny habadoana ka azo lazaina fa ny 17,67 % no sokajiana ho tsy mahay mamaky teny sy manoratra. Na dia izany aza dia tokony ampina tosika ireo ray aman-dreny eo amin'ny fampianarana ireo ankizy ka ny tanjona dia hienan'ny taham-pialana fianarana ho 90% eo ary ny fahamaroan'ny toerana fampianarana na miankina amin'ny Fanjakana na tsia dia vokatry ny tsy fahampiana eo anivon'ny akamaroan'ny tokan-trano dia voatery mijanona mandeha antsekoly ny ankapoben'ny mpianatra ka vitsy ireo olona manana fari-pahaizana ambony fa atreo amin'ny ambaratonga fototra dia mitsahatra tsy mianatra ny ankizy**

### 3. Toetry Ny Fokontany(Caracteristiques Des Fokontany Composant La Commune)

| N° | Nom du Fokontany | Nbr de Ménages selon le genre du chef | Nbr des habitants | Secteur d'activités de la majorité de la population active | Superficie du fokontany | Distance par rapport au chef lieu (Km) | Véhicule 1=toute l'année 2=saisonnière | Moyen utilisé par la majorité pour faire le délassement | Durée de déplacement (FKT-CR) H | Durée de déplacement (FKT-CR) min | Existence d'EPP 1=Oui 2=Non | Pourcentage de personnes sachant "lire et écrire" | Taux de scolarisation des enfants de 5 à 15 ans | Réseau d'électricité ... 2=panne ... | Prix de KWh | Réseau d'adduction d'eau potable ... 2=AEPG ... | Prix du M3 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | **Alatsinainy** | 320 | 1820 | Agricole | | 2 | 1 | charrette | | 20 | 1 | 90% | 95% | 1 | 700 | 3 | 0 |
| 2 | **Ambatonaorina** | 134 | 845 | Agricole | | 2 | 1 | charrette | | 20 | 2 | 90% | 95% | 1 | 700 | 3 | 0 |
| 3 | **Amboatany** | 184 | 830 | Agricole | | 6 | 1 | charrette | | 45 | 1 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 4 | **Ambodivona** | 126 | 358 | Agricole | | 4 | 1 | charrette | | 40 | 2 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 5 | **Ambohiborosy** | 177 | 1350 | Agricole | | 3 | 1 | charrette | | 30 | 2 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 6 | **Ambohidrakitra** | 174 | 720 | Agricole | | 8 | 2 | charrette | 1 | | 1 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 7 | **Ambohipoloalina** | 400 | 1658 | Agricole | | 7 | 1 | charrette | 1 | | 1 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 8 | **Ambohitsoa** | 181 | 696 | Agricole | | 8 | 1 | charrette | 1 | | 2 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 9 | **Amboniloha** | 224 | 1051 | Agricole | | 7 | 1 | charrette | 1 | 20 | 1 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 10 | **Ampamaho** | 90 | 678 | Agricole | | 5 | 1 | charrette | 1 | 20 | 1 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 11 | **Ankazomasina** | 352 | 1585 | Agricole | | 7,5 | 1 | charrette | 2 | | 1 | 90% | 95% | 1 | 700 | 3 | 0 |
| 12 | **Ankosy** | 154 | 776 | Agricole | | 2 | 1 | charrette | | 45 | 1 | 90% | 95% | 1 | 700 | 3 | 0 |
| 13 | **Anovorano** | 192 | 1113 | Agricole | | 3 | 1 | charrette | | 25 | 2 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 14 | **Belanitra** | 128 | 556 | Agricole | | 4 | 1 | charrette | | 40 | 1 | 90% | 95% | 1 | 700 | 3 | 0 |
| 15 | **Mananjara** | 200 | 699 | Agricole | | 7 | 1 | charrette | 2 | | 1 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 16 | **Manankasina** | 220 | 1059 | Agricole | | 7 | 1 | charrette | 2 | | 1 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 17 | **Manantsoa** | 116 | 720 | Agricole | | 10 | 2 | charrette | 2 | 30 | 1 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 18 | **Mangarano** | 284 | 971 | Agricole | | 5 | 1 | charrette | 1 | | 1 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| 19 | **Merimandroso** | 371 | 1720 | Agricole | | 0 | 1 | charrette | 0 | 0 | 1 | 90% | 95% | 1 | 700 | 3 | 0 |
| 20 | **Tsarasaotra** | 153 | 540 | Agricole | | 1,5 | 1 | charrette | | 20 | 1 | 90% | 95% | 3 | 0 | 3 | 0 |
| | **TOTAL** | 4180 | 19745 | | | | | | | | | | | | | | |

REGION ANALAMANGA DISTRICT AMBOHIDRATRIMO COMMUNE RURALE MERIMANDROSO

Tableau 11

4. **FITSINJARANA NY MPONINA ARAKA NY SEHA-PAMOKARANA, NY TAONA, SY NY KARAZANA (Nombre de la population selon le classe d'âge/**

| ASA | 15-24taona | | | 25-34taona | | | 35-44taona | | | 45-54taona | | | 55-64taona | | | 65 | | | totaly | | | Vola/toka n-trano | Misy CNAPS |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | M | F | T | M | F | T | M | F | T | M | F | T | M | F | T | M | F | T | M | F | T | | |
| Fambolena/fiompiana/jono | 1000 | 1562 | 2562 | 467 | 501 | 968 | 259 | 230 | 489 | 64 | 54 | 118 | 16 | 120 | 136 | 91 | 145 | 236 | 1897 | 2612 | 4509 | 240 000Ar/mois | 0 |
| Mpiasam-panjakana | 15 | 20 | 35 | 24 | 15 | 39 | 22 | 30 | 52 | 50 | 70 | 120 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 111 | 135 | 246 | 400 000Ar/mois | 7 |
| Mpiasa tsy miankina | 10 | 11 | 21 | 270 | 150 | 420 | 0 | 0 | 0 | 95 | 20 | 115 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 375 | 181 | 556 | 150 000Ar/mois | 300 |
| mpiasa sarakandro | 461 | 194 | 655 | 710 | 850 | 1560 | 345 | 355 | 700 | 200 | 202 | 402 | 8 | 12 | 20 | 0 | 0 | 0 | 1724 | 1613 | 3337 | 240 000Ar/mois | 0 |
| Hafa | 0 | 0 | 0 | 170 | 75 | 245 | 0 | 0 | 0 | 0 | | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | | 0 | 170 | 75 | 245 | 300 000Ar/mois | 0 |
| Tsy an'asa | 1969 | 1233 | 3202 | 209 | 446 | 655 | 65 | 74 | 139 | 29 | 16 | 45 | 74 | 47 | 121 | 26 | 24 | 50 | 2372 | 1840 | 4212 | 0 | 0 |
| **Totaly** | 3455 | 3020 | 6475 | 1850 | 2037 | 3887 | 691 | 689 | 1380 | 438 | 362 | 768 | 98 | 179 | 277 | 117 | 169 | 286 | 6649 | 6456 | 13073 | | |

Tableau 12

## 5. FOTO-DRAFITRASA SY SAMPAN-DRAHARAHA FAMPANDROSOANA IFOTONY (Infrastructures et Services urbains de base)

| Karazana (type d'infrastructure) | Fisiany (existence) | Taona nisiany voalohany (Année de première existence) | isany (nombre) | Raha tsy misy (Sinon, commune la plus proche pour à accéder à l'infrastructure) | halavirana (distance) | Fotoana mety ho lany (durée moyenne pour aller à l'infrastructure) | | | | Fitaovam-pitanterana (Moyen de déplacement) | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | Maintany(en saison sèche) | | Avy orana (en saison de pluie) | | Maintany(en saison sèche | Avy orana (en saison de pluie) |
| | | | | | | ora (h) | min | ora (h) | min | | |
| Etablissement Préscolaire Privé | oui | 1918 | 5 | Ambatolampy Tsimahafotsy | 6 | 1 | 0 | 1 | 10 | tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| Ecole Primaire Publique(EPP) | oui | 1909 | 15 | Ambatolampy Tsimahafotsy | 6 | 1 | 0 | 1 | 10 | tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| Ecole Primaire Privée | oui | 1918 | 7 | Ambatolampy Tsimahafotsy | 6 | 1 | 0 | 1 | 10 | tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| Collège Public (CEG) | oui | 1980 | 1 | Ambatolampy Tsimahafotsy | 6 | 1 | 30 | 1 | 50 | tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| Collège Privé | oui | 1918 | 7 | Ambatolampy Tsimahafotsy | 6 | 1 | 0 | 1 | 10 | tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| Lycée Public | oui | 2019 | 1 | Ivato | 11 | 1 | 30 | 1 | 50 | tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| Lycée Privé | oui | 2016 | 4 | Ivato | 5 | 1 | 30 | 1 | 50 | tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| CSB I | oui | 1957 | 2 | Ambatolampy Tsimahafotsy | 6 | 1 | 30 | 1 | 50 | Tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| CSB II | oui | 2000 | 1 | Ambatolampy Tsimahafotsy | 6 | 1 | 30 | 1 | 50 | Tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| Dispensaire | oui | 1995 | 1 | Ivato | 11 | 1 | 30 | 2 | 50 | Tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| Marché hebdomadaire | oui | 1790 | 1 | Ivato | 11 | 1 | 30 | 1 | 50 | Tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| Terrain de sport | oui | 1950 | 10 | Ambatolampy Tsimahafotsy | 6 | 1 | 0 | 1 | 10 | Tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| terrain de spectacle | oui | 1950 | 3 | Ambatolampy Tsimahafotsy | 6 | 1 | 10 | 1 | 20 | Tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| Centre de documentation | oui | 2000 | 2 | Ambatolampy Tsimahafotsy | 6 | 1 | 10 | 1 | 20 | Tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |
| Micro finance | oui | 2005 | 1 | Ambatolampy Tsimahafotsy | 6 | 1 | 10 | 1 | 20 | Tongotra (à pied) | tongotra (à pied) |

Tableau 13



REGION ANALAMANGA DISTRICT AMBOHIDRATRIMO COMMUNE RURALE MERIMANDROSO

## 6. SAMPANDRAHARAHAM-PANJAKANA IFOTONY(Services Techniques Déconcentrés)

| Secteur | Existence 1 = Oui ; 2 = Non | Dénomination du Service | Année de première existence | Effectif du personnel |
|---|---|---|---|---|
| Gendarmerie | oui | | | |
| Police nationale | | Poste Avencé | 2000 | 7 |
| Armée nationale | non | | | |
| Eau | oui | D.A.S | 2019 | 2 |
| Energie et Hydrocarbures | non | | | |
| Tourisme et artisanat | non | | | |
| Commerce | non | | | |
| Industrie et Développement Secteur Privé | non | | | |
| Agriculture et élevage | non | | | |
| Communication | | | | |
| Ressources halieutiques et pêche | oui | Veterinaire | 2000 | 2 |
